# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Marsa 2019

# 1 Zoma
marsa

**Jehovah ô ; tsarovy aho... Noho ny aminao no nitondrako latsa. Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko.**
Jeremia 15. 15, 16

**Izay rehetra te ho velona amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy Jesosy, dia henjehina.** 2 Timoty 3. 12

### Krizy (7) : Fahoriana ara-toe-panahy aman-tsaina

— *Ny ohatra* (Jeremia 20. 1-18) : Asa sarotra tanterahina no nanirahana an'i Jeremia mpaminany, dia ny hanambara fa ho babon'ny mpanjakan'i Babylona, tsy ho ela intsony, i Jerosalema. Tsy misy lalana ahafahana miala amin'izany ve ? Misy lalana iray, hoy i Jeremia namaly : atsaharo ny fanaovan-dratsy ary miverena amin'i Jehovah. Saingy tsy mety ianareo !

Naverimberin'i Jeremia ny hafatra nampitondraina azy... Tsy nisy nihaino izy, avy eo nesoina, ary farany, nenjehina ka naiditra an-tranomaizina. Nambarany ny fahoriany, nahita ny fireneny nisafidy ny ratsy ka ho very. Tao anatin'izany fahoriany izany, anefa, dia mbola afaka nivavaka sy niresaka tamin'Andriamaniny izy, hoe : „Hitako ny teninao ka nohaniko". Nampanantena io vavolombelony mahatoky io Andriamanitra, hoe hanafaka azy.

— *Ny lesona* : Ry namana mpamaky, manodidina antsika ny ratsy, sady ao anatintsika, ary ... eo anivon'ny mpino koa aza. „Ny zavatra mampalahelo indrindra, hoy ity tompon'andraikitra kristiana iray, dia ny faharatsiana misy ao anatin'ny fiangonana !" Niaritra ny fanenjehan'ny mpiray firenena aminy i Jeremia... Fahoriana anie izany e !

Nahoana moa no misy mpino mijaly noho ny tsy rariny ataon'ireo rahalahiny amin'ny finoana ? Satria izy te hankatò ny Tenin'Andriamanitra, eo anivona tontolo kristiana mirona hihataka amin'izany. Mangirifiry izany hoe tsy azon'ny olona izany, kanefa mpino maro efa nanolo-tena no nandalo tamin' izany (Jakoba 5. 10). Ary raha tsy maintsy miaritra fahoriana toa izany koa aho, dia ny Tompo no manohana ny finoako. Ataony tsapako fa miombom-po amiko Izy, ary mihoatra noho izany aza, tia ... ny olony *rehetra* Izy. Ao amin'ny Teniny no ahitako hery sy fampiononana, ary „firavoravoan'ny foko" mihitsy aza, tahaka an'i Jeremia.